“Tsy misy zavatra mavesatra indrindra eo amin'ny mizanan’ny mpino amin’ny andro farany mihoatry ny toetra tsara, ary halan’i Allah ny vetaveta sy tsy fahamendrehana”

Tatitra azo avy tamin'i Abou Darda (R.A), niteny ny Mpaminany (S.A.W) : “Tsy misy zavatra mavesatra indrindra eo amin'ny mizanan’ny mpino amin’ny andro farany mihoatry ny toetra tsara, ary halan’i Allah ny vetaveta sy tsy fahamendrehana”.
[Mari-pototra] [Notantarain'I Abo Daòd sy Tirmizì]

Manambara ny Mpaminany (S.A.W) fa ny asa sy ny teny mavesatra indrindra amin'ny mizanan'ny mpino amin'ny andro farany dia ny toetra tsara, izany dia ny fanehoana tarehy tsara, fampitsarahana ny ratsy ary ny fiezahana amin'ny fanaovana asa soa. Halan’i Allah Ilay Tsitoha ny manao ratsy amin'ny asany sy teniny, ary ny fahavetavetana avoakan'ny lelany.

http://www.sunnah.global/hadeeth/mg/show/5371